

Ry vahoakan'i Mahajanga,

Ry vahoaka malagasy tsy vaky volo,

Andro lehibe ny andro androany, satria andro nofinidin'ny lalàna hanokafana ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana, ny voalohan'ny volana desambra.

Manomboka androany ary, dia misokatra eny anivon'ny Fokontany manerana an'i Madagasikara ny fandraisana ny fisoratan'ireo mpifidy vaovao, fa ihany koa ny fanesorana ao anatin'ny lisitra ireo maty sy ireo nifindra monina.

Miangavy ny rehetra, mba ho malina amin'izany asa izany ny CENI, mba hampanjary sy hahafaingan-draharaha ny lisi-pifidianana.

Fenitra roa no tsy maintsy hajaintsika:

1. Ny fahamarinan'ny fisoratana ao anaty lisitra, izany hoe, ireo mombamomba ny mpifidy rehetra voasoratra ao anaty lisi-pifidianana dia ho marina avokoa.
2. Ny ezaka hampiditra ireo Malagasy rehetra mahafeno ireo fepetra hisoratra ao anaty lisi-pifidianana.

Inona moa ireo fepetra ireo?

Azo lazaina ho miisa efatra ireo fepetra voalazan'ny lalàna mikasika izany:

1. Manana ny zom-pirenena Malagasy
2. Feno 18 taona katroka
3. Manana karapanondrom-pirenena
4. Mbola tsy very zo teo anatrehan'ny fitsarana.

Ny CENI moa hatrany am-piandohana dia nametraka fanamby, mba ho tonga ho 1 tapitrisa farafahakeliny ny isan'ny mpifidy amin'ny 2018.

Ity fanavaozana lisitra izay sokafantsika androany ity, no farany ahatongavantsika ao amin'izany fanamby izany.

Koa miangavy ny firaisan-kinan'ny herivelona rehetra eto amin'ny tany sy ny firenena, ianareo fiaraha-monina politika, ianareo fiaraha-monimpirenena, ianareo mpanao gazety, ireo olom-piangonana, ireo olompanjakana, isika vahoaka mpifidy, indrindra indrindra ny fianakavianben'ny CENI manerana ny Nosy, mba hanao tongotra miara-mamindra, ary soroka miara-milanja, mba ahafeno ny isan'ny mpifidy ary hamp)anjary ny lisi-pifidianana.

Alao hery tompokolahy sy tompokovavy, fa fototra iray lehibe hampanjakana ny demokrasia, ary hitandroana ny filaminana eto amin'ny firenentsika no hiarahantsika mibanjina.

Ny tanjona lehibe, dia ny ahazoantsika mamokatra fifidianana matotra, mangarahara, ary eken'ny rehetra, fototry ny fampandrosoana maharitra ny tanindrazantsika.

Koa lazaiko ary, fa misokatra manerana ny Fokontany eto Madagasikara ny fanavaozana ny lisi-pifidianana.

Ho ela veona anie ny CENI Madagasikara.

Ary ho ela elona ny firenena Malagasy, milamina, mandroso ary hiadanan'ny vahoaka.

Misaotra tompoko.